REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

COMMISSION NATIONALE INDEPENDANTE DES DROITS DE L'HOMME

FANAMBARANA

FAHAFAHAN'NY ISAM-BATAN'OLONA SA TOMBONTSOA IOMBONAN'NY REHETRA? TSY MISY ISALASALANA AKORY

Hoy ny Fanambarana Iraisampirenena momba ny Zon'Olombelona : "Zon'ny olon-drehetra ny mivezivezy anatin'ny firenena onenany" (and. faha 13). Amin'izao fotoana izao nefa, ny olona te hiala eto Antananarivo hody any amin ny faritra fiaviany dia voasakana tsy mahazo mivoaka.

Hoy ihany koa ny Fanambarana : "Zon'ny olon-drehetra ny manaraka izay fivavahana mety aminy, ary ny maneho izany amin'ny alalan'ny fanompoam-pivavahana tandrify azy" (and. faha-18). Amin'izao fotoana izao nefa, mikatona avokoa ny toeram-pivavahana rehetra.

Amin'izao Vonjy Taitra hiarovana ny ain'ny Firenena izao, ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena momba ny Zon'Olombelona (CNIDH) dia manamafy fa tokana ny laharam-pahamehana : tsy maintsy sakanana tsy hiely ny valanaretina Coronavirus.

Amin'ny fotoan'ny vonjy aina toy izao iainantsika izao, tsy maintsy misy ny zon'ny isam-batanolona ampandeferina, ho fitsinjovana ny ain-dehibe. Ny Fanambarana Iraisampirenena momba ny Zon'Olombelona dia milaza rahateo fa tsy misy fetra ireo zo ireo, afa-tsy ny lalàna natao hiarovana ny zon'ny hafa (and. faha 29).

Ny zo fototry ny olombelona miisa 25 tapitrisa mivelona eto Madagasikara hiaina sy ho salama no voahozongozona ankehitriny.

Adidin'ny Fitondram-Panjakana ny miaro ireo zo fototra ireo, eny fa na voatery aza izy amin'izany hampandefitra aloha ny zon'ny isam-batan'olona sasany, toy ny fahafahana mivezivezy sy miara-mivavaka, noraisina ohatra tetsy ambony.

Nandray fepetra hentitra ny Fitondram-Panjakana hiarovana ny zo fototry ny rehetra ho velona sy ho salama. Adidin'ny olom-pirenena tsirairay kosa ny manaja sy manaraka ireny fepetra ireny an-tsakany sy an-davany.

Natao teto Antananarivo, 24 martsa 2020.

Ny Filoha,

Mireille RABENORO

COMMISSION NATIONALE INDEPENDANTE DES DROITS DE L'HOMME
18 rue Rainitovo (immeuble ex-ambassade des USA), Antsahavola, et Immeuble Microréalisations, 67 ha sud-est, 101 Antananarivo